## Sahanasa fandalinana D

### FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA 110:13–16

Naverin'i Elia tamin'ny laoniny ireo fanalahidin'ny famehezana, izay ahitana ny fahefana hamehy fianakaviana ao amin'ny tempoly.

Nanazava toy izao ny Loholona Gary E. Stevenson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Ny fanalahidin'ny famehezana izay naverin'i Elia mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha tamin'ny laoniny no ahafahana manatanteraka ireo ôrdônansy any amin'ireo tempoly masina. Ireo ôrdônansy izay tanterahina any amin'ireo tempoly ireo no manome fahafahana ny olona sy ny fianakaviana hiverina eo anatrehan'ny ray aman-drenintsika any an-danitra. (Gary E. Stevenson, "Aiza ny fanalahidy sy fahefan'ny fisoronana?," *Liahona*, mey 2016, 31)

- Inona avy ireo fomba sasantsasany itahian'ny Tompo antsika amin'ny alalan'ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny famehezana?
- Ahoana no nitahian'ny Tompo na azon'ny Tompo itahiana anao sy ny fianakavianao (t)amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny tempoly?



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_393-1